Ny Valosoa sy hadihady
**Sadasada manan-tsoratra ny zava-misy eto amin'ny firenena** 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 23 Jolay 2019 | Laharana 932 | Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 137), Madagasikara 22 jolay 2019** 5

**Fifidianana ben'ny tanàna : na misy ny indro kely** 2

# Miomana Ravalo sy ny TIM



**Faha-60 taonan'ny Antenimierandoholona** 2

# Tsy noraharahian' ny mpanatanteraka



**ZAVA-MAHADOMELINA** 6

## Rongony 20 gony saron'ny zandary



**Boriboritany faha-5 sy DTMU (CUA)** 5

## Tomombana ny fikarakarana ny ho fitokanana ny lalana Pr Zafy Albert

**Antenimierampirenena** 3

## Hiditra amin'ny fifidianana ireo filoham-baomiera

**Ny Valosoa sy mahasoa** 4

## Torohevitra mampaniry volo amin'ny loha sola

**Daka kely**

Aza mampanofinofy intsony fa ny fahantrana atrehana ry Boaikely a !


**Tranombarotra Baolai** 7

## Hisy fihenam-bidy 67% ireo Smartphones Hisense T5 +



FIFIDIANANA BEN'NY TANÀNA

## Miomana Ravalo sy ny TIM na misy aza ny indro kely

Na mbola misy aza ny indro kely amin'ny hanatanterahana ny fifidianana ben'ny tanàna ho avy eto amintsika, toy ny resaka lisi-pifidianana, izay mila hahitsy sy havaozina, ny hialana amin'ny hosoka sy ny hala-bato izay tsapa sy hita fa nisy nandritra ny fifidianana filoham-pirenena sy ny fifidianana depiote farany teo, miomana amin'izany fifidianana izany ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara TIM, Marc Ravalomanana sy ny antoko tarihany. Efa misy ankehitriny ny fijerena ireo kandidà hatolotry ny antoko TIM amin'izany fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsainan'ny kaominina izany. Anisan'ny misahana izany ny sekretera jeneralin'ny antoko, ireo filoha lefitra vao voafidy nandritra ny kongresy nasionalin'ity antoko ity ny 12 sy ny 13 jolay lasa teo, teny amin'ny Magro Tanjombato. Mitsirika ireo ho kandidà hifaninana ihany koa ireo tompon'andraikitra any amin'ny faritra toy ny Reg-TIM sy ny DisTIM, indrindra fa ny eny amin'ny fototra dia ny Foko-TIM izany, any amin'ireo faritra 22 mandrafitra ny firenentsika. Tsy vitsy ireo ben'ny tanàna voafidy tamin'ny lisitra TIM manerana ny Nosy, no heverin'ny any amin'ny fototra hirotsaka amin'ny anaran'ny antoko ihany ary tohanan'ireo sokajin'olona sy antoko politika ary fikambanana samihafa. Ao koa ireo ireo heverina fa olom-baovao harotsaky ny antoko sy ireo mpiara-dia aminy. Anisan'ny antoko lehibe eto amintsika ankehitriny ny TIM, ka heverina fa haharakotra kaominina izay tratra manerana an'I Madagasikara ireo kandidà ben'ny tanànany, sy ireo kandidà ho mpanolotsainan'ny kaominina. Ho an'ny eto Antananarivo Renivohitra manokana, tsy vitsy ireo sokajin'olona, fikambanana samihafa, antoko politika no mamporisika ny filoha Marc Ravalomanana ho ben'ny tanànan'ny renivohitra. Mbola tsy namaly izany hatreto i Dada, ny zava-nisy fotsiny ny faran'ny herinandro teo, nitsidika ny tsenan'Andravoahangy izy, midika izany fa akaiky ny vahoaka hatrany ity filoha nasionalin'ny antoko TIM ity.

***Isambilo***

60 taona ny Antenimierandoholona

## Tsy noraharahian'ny mpanatanteraka

Mankalazana ny faha-60 taona nijoroany amin'izao fotoana ny Antenimierandoholona eto Madagasikara. Noho izay antony izay anefa, misy ny fanenjehana ataon'ny ministra Lalatiana Rakotondrazafy, ny filohan'ny Antenimierandoholona Rivo Rakotovao sy ity andrim-panjakana ity, izay milaza efa hatramin'ny herinandro lasa teo, fa tsy manaja ny sata Repoblikana hono ny etsy amin'ny Lapa Maitso Anosikely. Andrimpanjakana faha-2 eto amin'ny firenena anefa ity andrimpanjakana ity, ary nisy foana izy nandritra izay Repoblika 4 nisy teto Madagasikara izay. Ity andrimpanjakana ity dia mpanolotsaina ny governemanta, sy mpiahy ny vondrom-bahoakamparirita amin'izao Repoblika faha-4 izao, ka mahagaga ihany ny fanenjehana azy ataon'ny ministra Lalatiana Rakotondrazafy sy ny gazetiny ireo senateran'i Madagasikara sy ny filohany. Ankoatra izany, vavaka iraisam-pinoana tao amin'ny EKAR Saint Joseph Mahamasina no nisantarana ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Antenimierandoholona omaly maraina. Nitohy tetsy amin'ny Lapa Maitso Anosikely ny fanokafana ny fankalazana omaly tolakandro. Mandritra ity herinandro ity ny fankalazana, tafiditra anatin'izany ny fametrahana samboady ireo Loholona vaovao vao handray ny toerany ao Anosikely, nisolo toerana ireo Senatera voafidy solombavambahoaka.



*Ny Lapan'ny Antenimierandoholona etsy Anosikely.*

***Ny Valosoa***

Ben'ny tanànan'Ivato

## Miara-miasa amin'ny fiangonana Anglikana

Nanotrona sy nanome voninahitra an'Andriamanitra tao amin'ny Eklesia Episkopaly Malagasy Trinite Masina Ankadindravola, ny sabotsy teo, ny Ben'ny tanànan'Ivato, Penjy Randrianarisoa, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Ny Mgr Ranarivelo Samoela Jaona, Evekan'ny Diosezin' Antananarivo no nitarika ny fotoam-pivavahana sy nanamasina ireo tanora lahy sy vavy nanokantena ho an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Konfirmasiôna. Notokanana tamin'io fotoana io koa ny tamboho vaovao sy ny vavahady raitra ary ny fotodrafitrasa fampidiran-drano fisotro madio izay fiaraha-miasan'ny Fiangonana Anglikana Ankadindravola sy ny Kaominina Ivato.
Nisaotra sy nankasitraka ny fanampian'ny mpitantana ny tanànan' Ivato ny mpino Anglikana teny an-toerana ary nitsodrano ny Ben'ny tanàna, ny amin'ny andraikitra mbola hiantsorohany. Ireo rehetra ireo dia tafiditra ao anatin'ny ivon'ny Jobily fankalazana ny faha150 taonan'ny Eklesia Episkopaly Malagasy Trinite Masina Ankadindravola. Ankoatra izany, araka ny efa fantatra, manosika ny ben'ny tanànan'Ivato Penjy Randrianarisoa mbola hirotsaka hofidiana ny antoko TIM eny an-toerana sy ireo sokajin'olona samihafa ao amin'ity kaominina Ivato ity.

***Stefa***

Antenimierampirenena

## Hiditra amin'ny fifidianana ireo filoham-baomiera

Mitohy eny amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena eny Tsimbazaza, ny fivoriana manokana ataon'ireo depioten'i Madagasikara. Hanomboka anio ny fifidianana ireo filoham-baomiera samy hafa ao amin'ity andrimpanjakana mpanao lalàna ity. Toy ny filohambaomieran'ny fitsinjaram-pahefana, ny vaomieran'ny raharahambahiny, ny vaomieran'ny fananantany, ny vaomieran'ny toekarena, ny angôvo, … Tsy fantatra raha hisokatra kely amin'ny tsy miankina, sy ny antoko mpanohitra dia ny antoko TIM ihany ny IRD amin'izany fifidianana ireo filoham-baomiera izany, na ho raofin'izy ireo avokoa ny toerana amin'izany. Raha ny teo amin'ny fifidianana ny filoha, sy ireo filoha lefitra, ny kestora ary ny mpampakateny ao amin'ity andrimpanjakana ity, dia toerana tokana avy no azon'ny tsy miankina sy ny TIM nandritra izany, fa ny ankoatra izay dia an'ny IRD avokoa. Ety am-piandohana dia hita handringa avy hatrany ny demokrasia eny Tsimbazaza satria tsy hahatohitra ny maro an'isa IRD, izay saika ho mpanara-drenirano ireo olom-boafidy ao aminy amin'ny mahamaro an'isa azy izay, tsy hahatohitra azy ireo ny TIM sy ny tsy miankina miaraka, ny tsy miankina rahateo dia efa tsy mazava rahateo ny momba azy ireo satria hita avy hatrany fa ho depiote hiovaova loko satria tsy misy fitsipika mifehy azy, tsy toy ny depiote amin'ny antoko politika. Dia ho hitantsika eo ny tohiny.

***Isambilo***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Antenimierandoholona Mampalahelo fa ataon'ny fitondràna TGV toy ny tsy misy intsony

Nanomboka omaly ny fankalazàna ny faha60 taonan'ny Antenimierandoholona, ka nosantarina tamin'ny fanompoam-pivavahana tao amin'ny EKAR Masindahy Josefa Mahamasina izany. Taorian'izay, nosokafana tao Anosikely ny fampirantiana ny tantaran'ny Antenimieran-doholona sy ny fitokanana ny takela-pahatsiarovana ny faha-60 taona. Nandritra izany tonga avokoa ny andrimpanjakàna misy teto amin'ny firenena toy ny HCC, CFM notarihin'ny filohany avy Rakotoarisoa Eric sy Maka Alphonse, ny Antenimieram-pirenena izay ny filoha lefitra tao Toliara Rabenirina Jean Jacques no nisolotena ity andrim-panjakàna mpanao lalàna ity. Nisolotena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana kosa ny talen'ny kabinetrany Ranjakasoa Mparany Gabhy. Teo ihany koa ny solontenan'ireo masoivoho vahiny miasa sy monina eto Madgasikara. Fa ireo fahefana lehibe indrindra eto amin'ny firenena kosa dia tsy mba nanana solontena nanatrika io fotoan-dehibe faha60 taona ny Antenimierandoholona io dia ny governemanta sy ny fiadidiana ny repoblika izany. Efa mihevitra ity andrimpanjakàna ity ohatra ny tsy misy intsony ve i Andry Rajoelina filoha sy ny lehiben'ny governemanta Ntsay Christian? Sa rehefa tsy mitovy hevitra politika misolelaka amin'ny fitondràna dia atao ohatra ny tsy misy ? Tadidio fa matoa mbola mipetraka eo ny Antenimierandoholona dia miasa ho an'ny vahoaka ary volam-bahoaka no hanakaramàna azy ireo, ka tokony mba asiana vidiny ihany. Tena miharihary sy hitan'ny vahoaka ankehitriny fa mpitondra te hanjaka tokana hanao izay danin'ny kibony no misy ankehitriny, ka izay tsy mitovy hevitra aminy dia atao ohatra ny tsy misy avokoa. Tsy manakambo anefa fa ny zava-bitan'ny teo aloha ihany no tokanana ankehitriny, fa ilay lazaina fa IEM nodradradraina tsy hita popoka akory hatramin'izao.

***Helisoa***

Tagnamaro faha-5

## Niara-nientana ny tao Antsirabe

Niara-nientana tamin'ny hetsika « Tagnamaro » andiany faha 5 ny mponin'Antsirabe ny sabotsy. Toerana maromaro no nanaovana ny hetsika, fa ny nisongadina indrindra dia ny fanadiovana ny toerampamonoana biby, na ny labatoara izany, sy ny lakandrano teny Mahazoarivo sy Ambohimiandrisoa teny. Raha ny mikasika ny toeram-pamonoana biby dia nambaran'ireo tompon'andraikitra fa tandindonindoza ny fahasalaman'ny vahoaka an'Antsirabe eo amin'ny ara-tsakafo, ny hena no marimarina kokoa satria dia ao amin'ny Abattoir eto Andranovisy ihany mantsy no toerana mahazo fankatoavana hivoahan'ny hena voatsara. Tsikaritra anefa fa tsy manaraka ny fenitry ny fahasalamana izany eny an-toerana, ka izany no nanaovana ny hetsika tao, ho fanairana ny rehetra ary, izany no nisafidianana ny « Abattoir » eto Antsirabe hanaovana ny Tagnamaro andiany faha-dimy tamin'ity volana Jolay ity. «Fanovana toe-tsaina ho amin'ny fanolorantena indray mandeha isam-bolana hanaovana asa soa ho an'ny firenena, fanairana ny hambom-po ho an'ny fitiavan-tanindrazana», ireo no toetsaina hiatrehana ny tagnamaro izay napetraky ny Minisiteran'ny Serasera sy ny kolontsaina fa miara-mietana kosa ny rehetra amin'ny fanatanterahana azy. Rehefa vita ny teny amin'ny abattoir dia nifamotoana teny Mahazoarivo ny rehetra, Mahazoarivo dia isan'ireo fokontany be mponina indrindra eto Antsirabe, ka ireo lakan-drano zary lasa fanarian'ny olona fako no nodiovina tamin'izany. Isan'ny nandray anjara feno tamin'ny hetsika toy ireo sampandraharahampanjakana misy eto Antsirabe ny sekolin'ny polisimpirenena notarihin'ny Taleny, ny Kaomisera Talily Damy izany, ka nambaran'ity tompon'andraikitra ity fa sady manadio izy ireo no mampianatra ny olona tsy handoto intsony, ho fitandroana ny fahasalamana ho an'ny daholobe izany. Ho an'Antsirabe, nitarika ny hetsika Tagnamaro ny Prefet aan'Antsirabe, ny Lehiben'ny Faritra Mpisolo toerana, ary ny talem-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina Georges Harinavalona Randriampeno.

***Solohery***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Sadasada manan-tsoratra ny zava-misy eto amin'ny firenena

Maneho tsara ny zava-misy iainana eto amin'ny firenena ankehitriny ny tontolo misy eo amin'ny sehatry ny fanatanjahantena. Ny tiana horesahina dia ny Barea, atao hoe zokiny, niatrika ny fiadiana ny CAN 2019 lasa teo, sy ny atleta Malagasy, ao anatin'izany ireo Barea atao hoe zandriny, miatrika ny lalaon'ny Nosy tanterahina atsy amin'ny Nosy Maorisy amin'izao fotoana izao. Sadasada manan-tsoratra ihany, araka ny fomba fiteny, ny sary hita sy re maro samihafa. Ho taratry ny fomba fiasan'ny fitondrana ankehitriny ve izany? Raha izay, tsy milamina araka ny fitenin'ny tanora ny fitantanam-pirenena, fa hisy ny fanaovana tany avo avaratra. Nanaitra ny sain'ny mpanara-baovao ihany koa, na dia amin'ny lafiny iray aza mirona kokoa mankany amin'ny sehatry ny fiangonana, ny fotoam-pivavahana iraisam-pinoana notanterahina teny amin'ny fiangonana Tranovato Anatirova tamin'ny faran'ny herinandro iny. Tamin'izany no nankalazana an'Andriamanitra noho ny faha-150 taona izany trano fiangonana izany. Fantatra antaonany maro indrindra tao anatin'ny fanjanahantany no nihidy izy io, ary izao indray vao nosokofana, ary hitohy hisokatra indray izy. Ny mahasarika ny saina, raha ny zavatra fantatra, dia hitodika ao sy hamaritra fandaharam-potoana hiditra ao ny sokajim-pikambanana na finoana na fiangonana samihafa. Mazava loatra aloha izany, fa kristiana ireo, satria ny tantara tany am-piandohana nanorenana azy no mamaritra an'izay. Etsy ankilan'izany anefa, misy ny ezaka famitana ny Lapan'i Manjakamiadana tanterahin'ny fitondrana izay kasaina hotratrarina amin'ny taona 2020. Nisy ny fombafomba nentim-paharazana natao tamin'izany, indrindra tamin'ny fametrahana ny "santatr'asa" indray. Tsy sadasada manan-tsoratra ve izany fihetsika atao eny amin'iny faritry ny Lapa eny izany? Andro maromaro lasa izay, natao angoan-tenda teny amin'ny kianjaben'i Mahamasina ny fananana fitaovana maro samihafa vaovao entina hamongorona ny asan-jiolahy sy indrindra ny dahalo. Nisy tokoa ny vokatra tsara azo, kanefa etsy ankilany mbola mitohy ihany ny asan-jiolahy, toy izay nitranga vao tsy ela izay teny amin'ny Citén'Itaosy izay lasibatr'izy ireo mpivarotra maromaro nifanakaiky. Nirongo fiadiana ireo jiolahy, araka ny nambaran'ireo mponina teny an-toerana, ary tsy alina akory, fa tamin'ny harivariva mbola be olona no nanaovany ny asa ratsiny. Tsy milamina, hoy ny nambaran'ny mponina ny firenena nanoloana izany. Misy ny fitaovana, nandaniana vola be tsy hita pesimpesenina tsy fantatra hoe avy aiza, kanefa tsy mbola milamina ny fandriampahalemana. Zavamisy eto amin'ny firenena ankehitriny ireo santionany nambara ireo. Apetraka ho anjaran'ny tsirairay no mamaritra ity fitondrana ity sy ny fitantanam-pirenena ataony amin'izany…

**Sôh'son**

### FDA Vakinankaratra

# Seha-pihariana laharam-pahamehana ny vary, ovy, ronono ary trondro

Notanterahina ny faran'ny herinandro teo, ny fivorian'ny Croa (Comité Régional d'Orientation et d'Allocation) ho an'ny FDA (Fonds de Développement Agricole) Faritra Vakinankaratra. Nandritra izany fivoriana izany no namaritana ireo seha-pihariana sy service laharam-pahamehana ho vatsian'ny FDA vola mandritra ny taona 2019, 2020 ary 2021. Ho an'ny taona 2019 dia seha-pihariana laharam-pahamehana 04 no tafiditra ao anatin'izany dia ny : vary, ovy, ronono, trondro. Marihina fa nasaina hanatrika izany fivoriana izany ireo tetik'asa miasa ato anatin'ny Faritra Vakinankaratra (Casef, Agrisud Papam, Apdra, Africa Rice, Papriz, Gsdm Manitatra II, Fert), mba hahafahana mijery izay fiaraha-miasa azo atao ary indrindra ny fifamenoan'ny asa ataon'ireo mpiantsehatra rehetra ho fampiroboroboana ny seha-pihariana sy ho fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra ato anatin'ny Faritra Vakinankaratra. Nitohy ny fivoriana ho an'ireo mambra Croa nandinihina ireo fangatahana efa voaray tamin'ny taona lasa. Entanina ireo fikambanana mijoro aradalàna hamolavola sahady ireo tetik'asa tiany hangatahana tohana amin'ny FDA sy hanomana ny fandraisana anjara ara-bola mifanaraka amin'izany. Hampahafantarina miandalana kosa ny fotoana hahafahana mandray izany fangatahana izany. Afaka manatona ny biraon'ny Fdar Vakinanakaratra eny ambaniandrefana, lalana mankany amin'ny Cffamma ireo izay mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny fangatahana.

**Lezama**

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao.
Miarahaba Tompoko, heverina fa isan'ny ***manabe ny fonja.*** Ny fahalalàna ny manjo ireo voafonja, ny anton'ny nampidoboka am-ponja, dia ***mampitandrina amin'ny tokony hatao rehetra mandritry ny fiainana***. Izahay tao amin'ny EKAR Faravohitra, dia nikarakara seho ny **alahady 21 jolay teo tamin'ny 2ora**, araka ny fanasàna (affiche) nampitainay eny amin'ny sehatra samihafa (sekoly fiangonana, orinasa, …) ampanarahana ity mailaka ity:

- Nitantara ny manjo ny voafonja ny solontenan'ny ACP (aumônerie catholique pour les prisons).
- Noelanelanana hira sy vavaka.
- Nisy koa tolotanana nangatahina ho an'ireo tsy misy mpiahy.

Tsy voatery ho vola fa izay ananana mety hanamaivana ny fijalian'ireo voafonja (avocat mandray dossier olona tsy misy mpiaro, mpitsabo voafonja marary andro iray ao anatin'ny taona, stylo- cahier ho an'ny tsy manana hanoratana nefa mety te hanoratra ny tantarany hampiasàna ny tontoloandro, na mba tsy ho very ny fahaizana ananana, bodofotsy @ izao ririnina izao, eny fa na dia sofina hiaino fotsiny aza ho an'ireo narian'ny havany, …)

Fa hoe adidin'ny mahalala ny mampahalala izay tsy mahalala.

- Ho an'izay ao amin'ny sehatry ny fanabeazana, manampy ny tanora ambany fiadidiany ny ***fahalalàna*** ny mety ho ***vokatry ny*** heverina ho lalao fotsiny ihany, ny andrankandrana, ny tsy fitandremana, ny finiavana mandika lalàna, …
- Ho an'ny mpanabe, rehefa sarotsarotra anarina iny ny tanora, dia afa-mampahatsiahy azy ireo, ny ohatra velona ho ambara tamin'ny hetsika tamin'io alahady **21 jolay io.**
- Fa hanampy ny rehetra hanana fo MITIA , fa tsy tonga dia hanao herisetra vao misy olana.

***Anjatony ny mpanabe amin'ny sekoly liana.***
***Ao koa ny ray amandreny sy mpitondra fikambanana tanora.***
***Antenaina hihena ny resin'ny fakampanahy (halatra any amin'ny orinasa,*** mpiasa, clients, fournisseurs, ***tanora manao hadalàna, …) raha bebe kokoa ny mahalala zavatra.***
Inoana fa arakaraka ny maha be ny mahalala no hahatsara kokoa ny fiarahamonina.
Misaotra indrindra amin'ny fiaraha-miasa, Tompoko.
Mirary soa ho anareo

***Gina vonjinirina***
***Chorale ANTSA Faravohitra***
***Filoha mpamorina ny association***
***METY PARTAGE***
***034 03 978 06***

## NY TENY FIAINANA

*Matio 28:20*
*Sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Teny amin'ny tsenan'Andravoahangy Ravalo ny sabotsy teo, akaiky ny vahoaka hatrany



**Andriamihaja Kevin** : efa hatr@ izay no akaikin'ny vahoaka sy manakaiky ny vaahoaka i Dada Marc Ravalomanana! Faly sahirana ny tena raha toa ka hilatsaka ho Ben'ny Tanàna ny tenany . Mila azy ity Renivohitr'i Madagasikara ity ! @ lafiny iray dia mifampiankina @ fanjakana foibe ny CUA . Samy nahita ny antsojay nahazo ireo ben'ny tanàna sasany isika ( indrindra ny resaka ara-bola tokony homen'ny fanjakana) raha toa ka matotra @ fampandehanan-draharaha ny fitondrana ary mampiseho fa tena tia tanindrazana dia mino 100% ny tenanay fa handroso ity Renivohitra ity raha i Dada no eo ! Tsy mila manandra-tena sy mihebohebo rehefa vonona hampandroso. Tsy hatoro voanjo ho hadiana anefa i Dada fa mahafantatra ny tokony ho ataony koa hankasitrahanay izay fanapahan-kevitra ho raisiny . Hafatra ho an'i Dada : Tohizo hatrany ny fitiava-tanindrazana. Nihaona mivantana tamin'ny vahoaka tetsy amin'ny tsenan'Andravoahangy izy ny sabotsy teo.

**Manga Tsimba** : tena marina io, raisintsika avokoa izay fanapahan-kevitra ho raisin'ny Filoha Marc Ravalomanana eo, na ho filohan'ny mpanohitra eny amin'ny Antenimierampirenena, na ho ben'ny tanànan'Antananarivo.

**Bery Comas** : kamboty Ray aza efa tsy fidiny, hafa ihany i Dada, akaiky ny vahoaka hatrany, tsy eto Antananarivo ihany fa manerana ny Nosy.

**Benjamin Ramaroson** : sarotra ny fandidiana, fa ekentsika avokoa izay fanapahan-kevitry ny filoha Ravalomanana sy ny birao politikan'ny TIM eo e !

**Randrianjatovo Maré's** : tena mety mitsy ra izy no atao maire fa ny ratsy nef tsy kely lalana hainao ihany mpitondra ra sanatria misy mantsy lay fisakasakanana amzay ataony réf eo izy d lazaina fa izy ndray no tsy manao n'inona n'inona, ra tena vonona dada d mila manana paikady anoherana anzany satria izy d hita tokoa fa te hampandroso mafy mitsy.

## TONONKALO

# Hitokana inona indray ?

Hitokana inona indray ?
Hitokana ny tsy natao,
F'izay no zavatra mba hay
Sy efa mahazatra anao ?

Dia indro ezahina ny hamafa
Sy hanova ny tantara,
Ka ny vitan'olon-kafa
Dia lazaina fa tsy tsara ?

Izany ve no tetikady
Tena hay sy manavanana :
Ny miseho sy be parady
Raha vao misy fitokanana ?

Fa ny anao tsy mety miainga
Iretsy nofy mampibitaka,
Hany ka mamoron-dainga
Nolaroina toky fitaka ?

Mihevera ry sakaiza,
(Ny mpijery anie tsy pahina !)
Mihevera hoe hatraiza
Ireo vahoaka no hofitahina !

Mbola misy ny fotoana
Ka miezaha hanova tetika,
Aza ny tsy mety foana
No haverina matetika .

***DADAN'i ZINA (22-07-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fanomanana ny fitokanana ny làlana Pr Zafy Albert ataon'ny CUA eny Alarobia Ivandry.**







**Ny fanokafana ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny Antenimierandoholona.**





## CHRR Antsirabe

# Vita ny fanavaozana ny toeram-piterahana

Antsirabe no nosafidian'ny "Opération Smile" iasana nanomboka tamin'ny taona 2008. Tohana ara-pitaovana sy tolo-tanana amin'ny alalan'ny fitsaboana no tena ataony, sady ihany koa mpiara-miombon'antoka amin'ny CHRR (Centre Hospitalier de Référence Régionale de Vakinankaratra), izay efa nanolorany fitaovana maro samihafa toy ny seza 170, couveuse, chaise roulante. Tsara ny manamarika fa vao tamin'ny iray volana lasa no nanokanana ny trano fandraisana ireo zaza atao trotro ankoditra. Porofo mazavan'ny fiaraha-miasan'ny Fanjakana sy ny tsy miankina hatrany izao fotodrafitrasa nasiam-panatsarana teto amin'ny maternité Antsirabe izao. Niaraniombon'antoka teto ny Fanjakana, ny Operation Smile ary ny fikambanana 3MS. Tanjona ny fanomezana fahasalamana ho an'ny rehetra, ka mba fotodrafitrasa madio sy mendrika no handraisana ireo vahoaka mpanjifa. Izany dia hanomezana fahafaham-po sy hitondra aim-baovao ary hitondra fifaliana ho azy ireo ihany koa. Nanome voninahitra ny lanonana fandraisana ny asa vita ny Préfet an'Antsirabe, ny solontenan'ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra, ny Lehiben'ny Sampandraharaha ara- ekonomika eto anivon'ny Faritra, ny solotenan'ny Ben'ny Tanàna, ny Talem-paritry ny Fahasalamam-bahoaka, Tale CHRR, ireo mambra ny Opération Smile, ny Fikambanana 3MS sy ireo fianakaviamben'ny mpitsabo eo anivon'ny fiterahana Hopitaly atsimo. Ny fanavaozana ny loko rehetra, fanatsarana ny fantsona mitondra ny rano, ny fanamboarana amin'ny endriny vaovao ny fanambanin'ny trano rehetra, natao carreaux, izany no asa natao tamin'izao fanavaozana sy fanatsarana izao. Teto ny lehiben'ny Hopitaly CHRR, Ramatoa Dr Anjarisoaniaina Narindra Tatiana dia nisaotra sy nankasitraka ireo rehetra nifanome tanana tamin'ny fahazoana izao fotodrafitrasa izao, ary nanentana ireo mpanjifa sahady, mba hanaraka ny toromarika rehetra amin'ny fikojakojana ny fotodrafitrasa. Nanombohana ny fotoana ny vavaka fitsofandrano, nitohy tamin'ny fifandimbiasam-pitenenan'ireo manam-pahefana izany, narahana fanolorana « certificat de reconnaissance » ary nifarana tamin'ny fanapahana « ruban » sy fitsidihana ny trano fiterahana.

*Solohery*

# Sakafo Ny Valosoa



**Henabaolina sy tsaramaso lena ary lasary voatabia indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.**

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Torohevitra mampaniry volo amin'ny loha sola

Torohevitra mampaniry volo amin'ny loha sola indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina : labiera tapaky ny vera, akondro tapany (izany hoe iray zaraina roa), tamenak'atody akoho gasy iray, tantely pur 2 sotrokely (tsy mitapoka).

Afangaro tsara ireo ho lasa toy ny patte izany hoe mady:

-Ahosotra ilay faritry ny loha sola ary avela hilona adin'ny roa. Mety hamaivay na hafana ilay izy. Midika izany fa miasa ilay fangaro ary tsy misy tokony hampanahy. Rehefa tapitra ny adin'ny roa dia kobanina amin'ny rano mangatsiaka tsotra tsy misy savony.

-Atao indray mandeha isa-kerinandro io fangaro io ary raha tsy mahita vokatra anaty 1 volana dia ajanona. Tsy mahita vokany ianao, midika izany fa tsy mety aminao ilay izy, fa misy no mety.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

# Ny tanànan'i Belo-Tsiribihina any amin'ny faritra Menabe

Ny tanànan'i Belo-Tsiribihina any amin'ny faritra Menabe indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Belo- Tsiribihina. Iva toerana izy satria 17 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina, manamorona ny Lakandranon'i Mozambika sady akaikin'ny reniranon'i Tsiribihina. 106 km any avaratr'i Morondava no misy azy. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany. Mpanjono ihany koa ny mponina any an-toerana.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 137), Madagasikara 22 jolay 2019

***Isaia 43: 18-19 "Aza mahatsiaro ny lasa, na misaina ny taloha. Indro, Izaho efa hanao zava-baovao, koa ankehitriny dia efa miposaka izany tsy hahalala izany va hianareo? eny, any an-efitra no hanaovako lalana ary any amin'ny tany lao no hasiako ony".***

Ry mponin'ny tany ô! Tsy an-kanavaka, avaratra, atsimo, andrefana, atsinanana, zava-doza eo aminareo ny mifanendritendry, mifanondrotondro, mifanome tsiny sy mifanala baraka. Toy izao ny Teniko: IZAHO JEHOVAH no namorona izao tontolo izao, iray ihany no famoronana nataoko, iray ny tany nametrahako izay nohariko, iray no tanjoko ary tokana ny PARADISA hametrahako ireo izay voavonjy. Tsy misy tompon'ny tany hianareo, tsy manana anjara ao amin'ny Fiainana mandrakizay raha tsy olom-boavonjy tafiditra ao amin'ny FANJAKAKO. Noho izany, aoka hianareo hifankatia, hifamela heloka, aoka hiala amin'ny fitsaratsarana sy ireo karazana fanamelohana amin'ny endriny isan-karazany. IZAHO JEHOVAH dia te- hanolo-tsaina anareo manao hoe: raha mbola tsaroanareo ny lasanareo izay nahitana ireo lesoka marobe ireo, raha mbola saininareo ny fiainana taloha tsy mahomby, tsy nahitam-bokatra dia tsy hahita fitia eo anatrehako JEHOVAH izany hianareo. Toy izao no FANAMBARAKO: raha mbola tsy JESOSY no lohalaharana eo amin'ny fiainanareo dia zava-poana ny fiainana na ny fiainanao manokana, ny mpianakavinao, ny fanompoanao, ny asanao eny na dia ny firenenao aza, eny hatrany amin'ny tanàna misy anao mihitsy. Ny mpaminany Isaia no nampitondraina ny Teny tamin'ny fotoan'andro fa ankehitriny dia ho tanterahiko izany SORATRA sy TENY izany. Hatreo amin'izay ny anareo olombelona fa AHY JEHOVAH amin'izay izao ny tohiny. Izay hitranga ve??? Zava-baovao, mahagaga, tsy takatry ny sainareo velively no hataoko sy hasehoko JEHOVAH ka dia ho talanjona izao tontolo izao. Matoa tonga amin'izany lalana izany ny tany sy izay eo aminy dia nisy ireo nisorona. Ny atao hoe FISORONANA dia VAVAKA, VAVAKA AMIKO JEHOVAH izany fa tsy amin-javatra hafa an! Ka ireo rehetra voalazako rehetra tetsy ambony dia mitaky FISORONANA, mitaky VAVAKA ny dikan' izany. Hianareo dia samy mahalala hoe : Fanjakam-pisorona sy Firenena Masina, tsy tononona fotsiny akory izany, tsy atao tsianjery koa fa ASA miandry io. Izany hoe : Fanjakam-pisorona = Fanjakana mivavaka, firenena mivavaka ary mivavaka AMIKO sady manana MPANJAKA (JESOSY izany). Tsy tiako mantsy ho gaga amin'ny fotoan'andro hianareo. Efa voalazako JEHOVAH tany aloha ny FISORONANA fa anjara fanompoana nomena, anjara asa atao, ***Nomery 18: 7*** *"Ary raha niangona hanome tsiny an'i Mosesy sy Arona ny fiangonana, dia nijery ny trano-lay fihaonana izy, ka indro, nanarona azy ny rahona, ary niseho ny voninahitr'i Jehovah."* Olona voatokana no manao ny FISORONANA ary voahosotra koa fa tsy azo sandohana na vazivazina fa mahafaty, ***Nomery 3: 3-4*** *"Ireo no anaran'ny zanakalahin'i Arona, dia ny mpisorona voahosotra, izay natokana hanao fisoronana. Fa maty teo anatrehan'i Jehovah Nadaba sy Abiho tamin'izy nanatitra afo tsy izy teo anatrehan'i Jehovah tany an-efitr'i Sinay, sady samy tsy nanan-janaka izy mirahalahy; ary Eleazara sy Itamara no nanao fisoronana teo anatrehan'i Arona rainy."*. Mafy ary tena mafy ny fitandreman'ny mpisorona ny lalàna natao tamin'ny testamenta taloha dia novana izany, ***Hebreo 7: 12*** *"Fa raha ovàna ny fisoronana, dia tsy maintsy ovàna koa ny lalàna."* FANEKENA VAOVAO = JESOSY izany , ***Hebreo 7: 21-28*** *"fa ireny kosa dia natao mpisorona tsy tamin'ny fianianana, fa Ity tamin'ny fianianana nataon'ilay nilaza taminy hoe: «Efa nianiana Jehovah ka tsy hanenina: Hianao no Mpisorona mandrakizay» (Sal. 110. 4????) - dia tahaka izany koa no nanaovana an'i Jesosy ho Mpiantoka ny fanekena tsara lavitra. Fa natao maro ireny mpisorona ireny, satria tsy navelan'ny fahafatesana haharitra izy; fa Izy kosa dia manana fisoronana tsy dimbiasana, satria maharitra mandrakizay Izy; koa amin'izany dia mahavonjy tokoa* izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy. [Na: hatramin'ny farany] Fa Mpisoronabe tahaka izao no miendrika ho antsika: dia Izay masina, tsy misy tsiny, tsy misy loto, voasaraka amin'ny mpanota ka natao avo noho ny lanitra, Izay tsy mila hanatitra fanatitra isan'andro tahaka ny ataon'ireny mpisoronabe ireny, voalohany noho ny otan'ny tenany, dia vao noho ny an'ny olona kosa; fa izany dia nataony indray mandeha ihany, raha nanatitra ny tenany Izy. Fa ny lalàna dia manendry olona izay manana fahalemena ho mpisoronabe; fa ny tenin'ny fianianana kosa, izay tato aorian'ny lalàna, dia manendry ny Zanaka, Izay notanterahina ho mandrakizay."* Raha azonareo tsara ny teny dia tsy mitovy intsony ny fisoronana taloha sy ankehitriny. Ny FISORONANA dia LALÀNA ankatoavina. Dikany JESOSY KRISTY no LALÀNA sy FANEKENA sady TOKANA. Izy indray no MPISORONABE, ***Hebreo 9: 11-12*** *"Fa Kristy kosa, rehefa tonga ho Mpisoronabe ny amin'ny zavatra tsara ho avy, dia namaky teo amin'ny tabernakely lehibe lavitra sady tsara lavitra, izay tsy nataon-tanana, izany hoe, tsy isan'izao zavatra ary izao,*
*ary tsy mba nitondra ran'osilahy sy ranjanak'omby Izy, fa ny ran'ny tenany, dia niditra indray mandeha ho any amin'ny fitoerana masina ka nahazo fanavotana mandrakizay."* Izany no mahatonga anareo mivavaka amin'ny Anaran'i JESOSY fa IZY irery ihany no MPANALALANA AMIKO JEHOVAH sy aminareo olombelona ka aza ovàna na amboarina. Teo aloha dia rà no Fanekena ary ankehitriny indray dia ny Ràn'i JESOSY, ***Hebreo 9: 22*** *"Ary saiky diovina amin'ny rà avokoa ny zavatra rehetra araka ny lalàna; fa raha tsy misy rà alatsaka, dia tsy misy famelan-keloka."* Aza hadino ary ny Ràn'i JESOSY latsaka no FAMONJENA sy FANAVOTANA anareo sady FAMELAN-KELOKA koa sao mantsy tsy fantatrareo ny anton'izay fanompoana ataonareo.

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

BORIBORITANY FAHA-5 SY DTMU (CUA)

## Tomombana ny fikarakarana amin'ny ho fitokanana ny lalana Profesora Zafy Albert



*Ny fanadiovana ny lalana Profesora Zafy Albert nataon'ny CUA.*

Taorian'ny faneken' ny filankevitra Monisipaly eo anivon' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny hanomezana anarana ny lalana miainga eo amin'ny Pulman Ivandry, ka hatreny amin'ny tambohon'ny Stade Alarobia, ho lalana Profesora Zafy Albert, niara-nisalahy nanatanteraka fanadiovana faobe ny ekipa teknika, ny agent d'assainissement ary ireo mpanadio lalana avy eo anivon'ny Boriboritany fahadimy nanomboka ny 19, ny 22 jolay ary hatramin'ny 23 Jolay 2019. Nandritra izany dia nisy ny fanadiovana ny arabe, fandraofana ireo fasika miangona eny amoron-dalana, fanapahana ireo lobolobo sy bozaka ary fanadiovana ny tao an-tokontanin'ny Villa Elisabeth trano fonenan' ny Profesora Zafy Albert fahiny. Nisy ihany koa ny fanaovana "marquage au sol" nataon'ny avy eo anivon'ny Sampan-draharaha misahana ny fitaterana sy ny fivezivezena an-tanàn-dehibe (DTMU na Direction des Transports et de la Mobilité Urbaine), tarihan'ny taleny Landy Raveloson. Efa azo lazaina ho tomombana arak'izany ny fanomanana ny hitokanana ity lalana ity. Araka ny nambaran'Andriamatoa Raveloson Landy, Tale eo anivon'ny DTMU dia fanatanterahana amin'ny endrika hita maso ny fankatoavan'ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo ny fanomezana ity lalana ity hitondra ny anaran'ny Profesora Zafy Albert izay rain'ny Demokrasia sy ny Fampihavanam-pirenena, sy ho fanomezamboninahitra ary fanajana ity Ray aman-dreny ity no anton'izao hetsika izao. Ary koa ho fanatanterahana ny toromarik'i Ramatoa Lalao Ravalomanana, Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra ny amin'ny hanajariana ny toerana. Ity lalana ity araka izany dia ho tokanana rahampitso alarobia 24 Jolay 2019.

***Isambilo***

Polisim-pirenena

## Nandray anjara tamin'ny hetsika Tagnamaro



*Ny hetsika Tagnamaro nataon'ny polisim-pirenena tetsy Anosy ny sabotsy teo.*

Nandray anjara tamin'ny hetsika Tagnamaro ny polisim-pirenena teto andrenivohitra ny sabotsy teo. Nitohy ny fanadiovana nataon'ny polisim-pirenena tamin'izany. Niditra tamin'ny andiany fahadimy ny "Hetsika Tagnamaro" ny faran'ny herinandro teo ary nandray anjara mavitrika hatrany ny Polisim-pirenena. Tamin' ity indray mitoraka ity dia ny fanadiovana ireo sampan-draharaha maro samihafa eo anivon'ny Minisiteran'ny filaminam-bahoaka no nataon' ny Polisy. Tsy fahazarana no nanaovan'izy ireo ity asa ity fa adidy sy andraikitra mba hahasoa ny tena fa indrindra ny mpiara-belona.

***Ny Valosoa***

Synodam-paritany Andrefana Atsimon'Ankaratra

## Noraisin-tanana ny Prezida synodaly

Tontosa ny herinandro teo, tao amin'ny Kamafa Vatofotsy ny fandraisan-tanana ny Prezida Synodaly Andrefana Atsimon' Ankaratra Miaradia (SPAAM 08) Andriamatoa Ratiarison Benjamina, Mpitandrina mivady. Ity no teny notsongaina tamin'ny fisaorana an' Andriamanitra noho ny fandraisan-tanana ny Prezida Synodaly : Efe 3.8 « Eny, izaho, izany kely noho ny kely indrindra amin'ny olona masina rehetra, no nomena izao fahasoavana izao, dia ny hitory amin'ny jentilisa ny haren'i Kristy tsy hita lany ». Nanamarika izany ireto hafatra ireto hoe: mpanetry tena antsika Kristy, maniraka antsika Kristy ary mananka rena Kristy. Noho izany, mila mifikitra amin'ny Kristy isika amin'ny fahamarinana sy fahadiovana mba hisitrahantsika ny harena. Vinan'asany ny fampandrosoana ny asa fitoriana sy ny famitana ny adidy ara-bola ary fampiraisana hina ny ato anatin'ny Synodam-paritany: ahitana mpitandrina 38 sy katekista delege 39. Raha eto Madagasikara dia 11 kaominina no mbola tsy misy FJKM, any ivelany kosa izao no efa ahitana FJKM. Nandritra ny lahatenin-dRamatoa Préfet dia naneho fisaorana ny Prezida Synodaly izy hahavita be amin'ny asa niantsoana azy. Naneho ihany koa ny fahavononana amin'ny fiarahamiasa satria fiaraha-monina iray no beazina. Ilaina noho izany ny fiaraha-mientana ho amin' ny fampandrosoana ny Firenena. Ny Filohan'ny FJKM ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi, no nitarika ny fotoana tamin'izany, ary nitohy tamin'ny fandraisan-tanana ny Prezida Synodaly, nifarana tamin'ny fandraisam-pitenenan'ireo manampahefana. Tsara ny manamarika fa amin'ny 06 sy ny 07 ary 08 aogositra 2019 ho avy izao ny hanaovana ny "recyclage pastoral" ho an'ireo tompon'andraikitra ao anatin'ity synodam-paritra ity.

***Lezama***

ZAVA-MAHADOMELINA

## Rongony 20 gony saron'ny zandarimariam-pirenena

Resaka zava-mahadomelina tany Ambodimandresy distrikan' Antsohihy faritra Sofia: rongony 20 gony no saron'ny Zandarimariam-pirenena tany an-toerana. Herinandro taorian'ny nahazoan'ny Kaompanian'ny Zandarimaria Antsohihy rongony 500kg tao Antsohihy dia rongony 20 kitapo milanja 229 kg ihany koa izao no tra-tehaky ny Zandary PMP 45 tao Antobodrihabe, Fokontany Antobodriha, Kaominina Ambodimandresy, Distrikan'Antsohihy. Vaovao azon'ny Zandarimaria avy amin'ny olona tsara sitrapo no nahazoana ny vokatra. Natsipin'ireo andian'olona ny kitapo nobaben'izy ireo avy, rehefa tazan'izy ireo ny Zandary nitsongo dia omaly tolakandro. Voasambotry ny Zandary ny iray tamin'izy ireo rehefa nifanenjehana. Nogiazana avy hatrany ireo rongony, miandry ny taratasin'ny fitsarana ny hamotehana sy handorana azy. Hatolotra ny Fampanoavana kosa ilay voasambotra aorian'ny famotorana.



*Ireo rongony saron'ny zandary tany Antsohihy.*

***Ny Valosoa***

Fanabeazana

## Notokanana ny CEG Antokofoana any Betafo

Niampy iray ireo CEG mandrafitra ny ZAP Soavina ao amin'ny Cisco Betafo faritra Vakinankaratra. Notokanana ny herinandro teo ny CEG Antokofoana, na antsoina koa hoe CEG Tsaramasoandro, izay miorina ao amin'ny Fokontany Antanety ao amin'ny kominina ambanivohitr'i Soavina distrikan'i Betafo. 4 taona lasa no niforonan' ny sekoly, ary isan'ny sekoly zandriny indrindra izy eto anivon'ny Cisco Betafo. Ny 11 Janoary 2019 ny CEG Bemasoandro no nanana ny fahaleovantenany rehefa niaraka tamin'ny CEG Soavina nandritra ny 4 taona nisiany. Tany am-panombohana dia 42 ireo mpianatra teto, amin'izao fotoana kosa dia tafakatra 286 izy ireo no mandranto fianarana eto. In-droa izao no namoaka andiany mpianatra nahazo BEPC ny eto, nahatratra 84% ny tahan'ny fahafahana tao anatin'izany. Mpampianatra 16 no misahana ny fampianarana ireto ankizy eto amin'ny CEG Tsaramasoandro ireto , ny 6 amin'izy ireo monja no efa voaray ho mpiasam-panjakana ny 10 ambiny kosa dia mbola ny FRAM no mandoa ny karamany. Efitranompampianarana 2 lehibe ahitana efitrano maromaro avy no notokanana tamin'izao lanonana nentina nanokatra ny CEG Tsaramasoandro izao. Tetikasa izay vokatry ny ezaka sy tolo-tanana nataon'ireo Ray aman-drenin'ny mpianatra sy ny mponina ao Antanety manokana, niampy famatsiam-bola avy ao amin'ny Fond de Développement local. Nanome ny tsodrano ho an'ireo mpiara-miasa eto amin'ny CEG Tsaramasoandro ny Drenetp Vakinankaratra, Rakotoarimanana Heniaina Nomenjanahary, izay nisolotena ny Minisitry ny Menetp nanotrona izao lanonam-panokanana izao, nitsodrano azy ireo hikopaka irery ary hahavita be eo amin'ny fanabeazana. Anisan'ny politika apetraky ny Fanjakana hoy izy ny fanakaikaizana ny vahoaka eo amin'ny lafiny fanabeazana, nindraminy ny tenin'i Nelson Mandela hoe : « raha tiana handroso ny firenena dia ny fanabeazana no tsinjovina » , antony izany nijoroan'izao CEG izao. Nanentana izy ny hisian' ny fanabeazana feno na ara-batana, na ara-tsaina na ara-panahy hatao eto ary nampanantena fa hijery akaiky ny lafiny fampidirana ho mpiasam-panjakana ireo mpampianatra. Nanotrona izao fotoana izao ny Lehiben'ny faritra Vakinankaratra mpisolo toerana Rakotomahandry Timothé , teo koa ny solontenan'ny ben'ny tanànan'i Betafo , ny Lehiben'ny Distrikan'i Betafo, ny lehiben'ny Cisco Betafo, ny Ben'ny tanànan'i Soavina.

***Solohery***

Fanabeazana

## 10 taona ny Lycée Mandaniresaka Antsirabe

Nankalaza ny faha 10 taona nijoroany ny Lisea Mandaniresaka-Antsirabe ny faran'ny herinandro lasa teo. Telo andro no natokan'izy ireo hanokafana ny fankalazana, ka ny zoma 19 jolay hatramin'ny alahady no nanaovana ny hetsika tamin'izany. Ny fanabeazana no fototra hanefena ny tanora ho tompon' andraikitra eo amin'ny Firenena. Tsapa hatrany ny faniriana ho an'ireo Ray aman-dreny hampiana-janaka eo amin'ny ambaratonga faha telo ato anatin'ny Distrika Antsirabe I, Kaominina Antsirabe Renivohitra Faritra Vakinankaratra. "Folo taona nampijoro", io no lohahevitra nofinidin'ny mpanabe anamarihana izao tsingerintaona izao. Raha ny tantara dia niorina tamin'ny 29 Oktobra 2009 ity sekoly ity izay nahazo fankatoavana avy amin'ny Fanjakana sy ny ministera mpiahy ny fanabeazam-pirenena. Teny amin'ny CRINFP Ivory no nisy ny mpianatra voalohany, ny taona 2016, izany hoe 5 taona taty aoriana no nifindra tety amin'ny Lycée Mandaniresaka ireo mpianatra rehetra hatramin'ny kilasy famaranana mandrak' ankehitriny. Ahitana sokajy A-C-D ny ao amin'ny kilasy famaranana ary ahitana mpampianatra 30 mahery, raha 13 ireo mpampianatra tany am-piandohana. Manodidina ny 400 ireo mpianatra satria efa misy ireo mpianatra nisandrahaka any amin'ny Lycée niorina taty aoriana, toy ny any amin'ny kaominina Vinaninkarena, Ibity, Ambohidranandriana sy ny maro hafa , anatin'ny Distrika Antsirabe II. Misy efitrano manodidina ny 8 sy Birao miisa 5 ary tsy mitsaha-mitombo ny taham-pahafahana fanadinana izay mahatratra 57 % ankehitriny. Ny fankalazana dia noravahana dihy nataon'ireo mpianatra ary nofaranana tamin'ny fizarana mofomamy ho mariky ny tsingerintaona. Tonga nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny fankalazana ny faha-10 taona izany ny Sekretera Jeneralin'ny Prefektiora sy ny solontenan'ny Lehiben'ny Faritra, nahitana ny Lehiben'ny sampandraharaha ara-tsosialin'ny Faritra, sy ny fianakaviamben'ny fanabeazana rehetra eto Vakinankaratra. Teto no nanamafisan'ny Lehiben'ny Sampandraharaha ara-tsosialin'ny Faritra, fa tsapa hatrany ny tontolon'ny fanabeazana no namoaka ireo tompon' andraikitra maro eo amin'ny Firenena ary ny tanora beazina no manampy tosika betsaka eo amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy sahanin'ny Faritra.

***Solohery***

### SARIITATRA : Tsy ho lanin'ny IRD/ TGV ny TIM amin'ny fifidianana ben'ny tanàna eto Antananarivo




Fari-piadidiam-pampianarana Antsirabe I

## Mitari-dalana ireo mpianatra hahay handray andraikitra

Ankizy mandray andraikitra eo anivon'ny fianakaviana, fiaraha-monina ary indrindra mahay mihaino no tanjon'ny fari-padidiam-pampianarana Antsirabe I. Valan-dresaka narahina ady hevitra izay nokarakarain ny Cisco Antsirabe I, niompana indrindra tamin'ny fandraisan'andraikitry ny fianakiaviana amin'ny fanabeazany ny ankizy no natao tao amin'ny tranompokonolona ny tolakandro ny alarobia 17 jolay lasa teo. Nasaina manokana tamin'izao lohabary andasy izao ny avy ao amin'ny foibem-paritry ny Mponina, ny fiahiana ara- tsosialy ary ny fampiroboroboana ny vehivavy, nanao ny famelabelarana mahakasika ny fiainam-pianakaviana. Isan'ny navoitra nandritra ny famelaberana fa manana ny hasiny ny fianakaviana izay isan'ny manpandroso ny firenena. Teo koa ny fitarihana ireo ankizy mpianatra fa izy ireo dia manana andraikitra amin'ny fampandrosoana ny firenena satria raha mianatra izy ireo dia mandroso ho azy ny firenena. Fa teto ihany koa no nilaza fa manana ny zo iaina, handray anjara, harovana ary zo hivelatra ny ankizy rehetra. Izao no natao hoy hatrany ny fanazavana dia ny hanatevenana ny fanabeazana maha olo-mendrika ary koa ho fanomanana sahady amin'ny fiatrehany ny ho avy. Marihina fa ireo mpianatra ao amin'ny ambaratonga faharoa eto anivon'ny Cisco Antsirabe I no hanaovana izao famelabelarana izao ary natao indroa isam-bola izany. Tonga nanotrona izao valan-dresaka narahina ady hevitra izao ny Lehiben'ny Sampandraharaha miandraikitra ny tantsoroka ireo vondrom-bahoakam-paritra eo anivon'ny Faritra, Ramatoa Ramanandrainy Sahondraniaina, Ramatoa Lehiben'ny Fari-piadidim-pampianarana Antsirabe I, ary ny avy eo anivon'ny foibem-paritry ny Mponina, ny fiahiana ara- tsosialy ary ny fampiroboroboana ny vehivavy .

***Lezama***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Faneva R**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**20/07/19 hatramin'ny 27/07/19**

- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35


Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA : Rahelisoa A. 034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com

NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 933-07-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony


**TOBIN'ALAN'AMPOTAKA, MANDOTO**

# 366 ha ho tantanin'ny VOI Tsimialonjafy

Tontosa ny faran'ny herinandro teo ny famindram-pitantanana ny tobin'ala ao Ampotaka, Distrikan'i Mandoto faritra Vakinankaratra. Fantatra ary fa mandritry ny telo taona no hitantanan'ny Vondron' olona Ifotony VOI Tsimialonjafy ny tobin'ala ao Ampotaka fokontany Ambohimena, ao amin' ny Distrikan'i Mandoto ity. Mirefy 366 ha ny velaran'ity tobin'ala ity. Voarakitr'io fanolorana ofisialy io ny boky fifanekem-pitantanana sy ireo fitaovam-pitantanana maro samihafa ho entimitantana ny tobin'ala ary ny drafi-panajariana izay mikendry indrindra ny fanomezan-danja sy hasina ny fitantanam-pokonolona ny Harena Voajanahary. Niara-nanao sonia izao fifanekena izao ny Talem-paritry ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra, ny kaominina Mandoto ary ny VOI. Nanome toky ny hamerina amin'ny laoniny sy hitandro ny ala izay nomena ho tantaniny ireo mpikambana ao amin'ny VOI Tsimialonjafy, izay resy lahatra ny amin'ny maha-zava-dehibe ny fandraisan'izy ireo andraikitra amin'ny fitantanana ny ala mba ho lovain-jafy. Nanome tantsoroka tamin'ny fanatontosana izao dingana lehibe eo amin'ny fiarovana sy fampaharetana ny tontolo iainana izao ny Tafo Mihaavo Vakinankaratra, izay vatsian'ny GEF-SGP Pnud vola. Tsy hijanona eo ny fanolorana ny fitantanana ny tobin'ala fa mbola hitohy any ankafa izany amin'ny fotoana manaraka. Efa ao anatin'ny tetiandro ankehitriny ny fanolorana ofisialy ny bokim-pitantanana amin'ireo vondron' olona ao Ambohitrambo, kaominina Ramainandro, Distrikan'i Faratsiho izay mitantana ala tapia sy ny VOI ao Andranobe Antsirabe, izay mitantana ny farihy ao an-toerana sy ny alan'Ambohitsokina ihany koa ireo tompon'andraikitra voakasik'izany, sy ny Tafo Mihaavo Vakinankaratra ary ny GEF-SGP Pnud. Ny Lehiben'ny sampandraharan'ny tetikasa eo anivon'ny Faritra Vakinankaratra, Ramarolahy Romuald no solontenan' ny Faritra Vakinankaratra tamin'izao hetsika izao, teto ny tenany dia nanindry ny maha-zava-dehibe ny fampandraisana andraikitra ny rehetra amin'ny fampandrosoana. Nanafatra ihany koa ity tompon'andraikitra ity teto amin'ny fanajana antsakany sy andavany izay voalaza ao anatin'ny bokin'andraikitra. Tsara ny manamarika fa fitantanana ihany no ataon'ny Vondron'olona ifotony toa izao fa tsy midika akory fa fananan'izy ireo ny faritra arovana toa itony.

*Lezama*

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

Tranombarotra Baolai

# Hisy fihenam-bidy 67% ireo Smartphones Hisense T5 +

Eo amin' ny sehatra ara-toekarena maneran-tany dia maro ireo orinasa fanta-daza izay manavao ny tolotra omeny. Isan'izany ny «Hisense» ( Mpanohana ofisialin'ny Fifa World Cup 2018), izay nirotsaka eo amin'ny sehatran' ny finday nanomboka ela ela izay. Tsy diso anjara amin' izany hiaka faran' ny teknolojia izany ny eto Madagasikara satria dia efa hita ao amin'ny tranombarotra «Baolai» izany. «Vao nahatonga « Smartphones» tsara kalitao izahay, izay ahitana 9 karazany. Manomboka izao dia misy fihenam bidy goavam-be eo amin' ny 67% eo, amin' ireo Smartphones Hisense T5 + ato aminay. Izay ahitana dual sim sy 13/8 méga pixels apn ary «caractéristiques» maro samihafa izay mety ahafa-po ny daholobe» hoy ny tompon'andraikitra. Izany dia ho hita etsy Analakely: eo ampitan' ny biraon' ny kaominina ( eo akaikin' ny arrêt taxi be 137), Avenue de l'Indépendance sy eo ampintan'ny Epp, ary etsy Soarano (eo ampitan' ny Firaisana I, ao amin' ny Seg ary eo ampintan'ny Epp Soarano). Miaraka amin' ny hiaka faran'ny finday tsara kalitao amin'ny vidiny mirary, hita ao amin'ny tranombarotra «Baolai», dia hafinaritra tokoa ny fanombohan'ity volana Aogositra 2019 ho avy ity.

*Aly*




*Ny Tranombrotra Baolai etsy Soarano ampitain'ny Boriboritany voalohany.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 287**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0286)

***Mitsivalana***
- Ranomaso
- Enti-milaza
(EM) – Rà – IV
- Hetaheta
- Enina
- Ta – Havia (Miv)
- Nono
- Andronay

***Mitsangana***
- Rehetra
- Amena
- Ti – Md
- Orana
- Mahaino
- Von(y)
- Sitrana
- Ova – Hoy

## TENY MIFANAPAKA **N° 287**



**Mitsivalana**

**1.** Kasika – Mpitantana orinasa **2.** Sary tapaka – Kere **3.** Ao amin'ny hery – Faran-teny **4.** Notsipihiny **5.** Akaikinao **6.** Eny – Mbola tsy marina (Miv) – Tsofoka (Miv) **7.** Mibaboka (Miv) **8.** Marihina **9.** Mahantra – Fanitarana **10.** Navahanao

**Mitsangana**

**A.** Alaina eny an-dàlana **B.** Foto-tenin'ny manarona – Lalampirenena **D.** Mari-bola – Antsasaky ny fito – Mandà **E.** Vazo **F.** Fiantsoana anareo **G.** Fanontaniana **H.** Fiandohan'ny taona – Ahiahy **I.** Fanentanana – Mpampiankina **J.** Naoty – Manao sahisahy **K.** Milalao rano

### Valiny Teny mifanaraka 0286

***Mitsivalana***

1 Fofy - Imamo 2. Anarana 3. Rano - Ony 4. Anaty - Enga 5. Kary - Niova (Miv) 6. Vava (Miv) - Ratra 7. In - Vy 8. Aloka - (V)oina 9. Sy - Nataoko (Miv) 10. Mainty

***Mitsangana***

A. Folaka - Asa B. Navily D. Fararano E. Vitany (Miv) - Koa F. Any - Vaky G. Ory (Miv) - (F)ary - On H. Ma - Eva - Tao (Miv) I. Tanana (Miv) - Ity J. Mangirana K. Anay (Miv) - Any


Commune Urbaine
d'Antananarivo
NY KAOMININA ANTANANARIVO RENIVOHITRA (CUA) DIA MAMPAHAFANTATRA ANTSIKA REHETRA FA HOTOKANANA NY ALAROBIA 24 JOLAY 2019 HO AVY IZAO AMIN'NY 08H30 MARAINA, ENY ALAROBIA - IVANDRY, NY LALANA PROFESORA ZAFY ALBERT
KOA MANASA ANTSIKA REHETRA TSY ANKANAVAKA
RAIN'NY DEMOKRASIA SY NY FAMPIHAVANAM-PIRENENA
www.facebook.com/Cserasera/